Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

Efa-polo Taona

Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: Janie Forest
Alastair Paterson

Nampifanarahin'i: Lyn Doerksen

Nadikan'i: Mia Randria

Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

©2023 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity
nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.



Rehefa nanafaka ny vahoaka Israely avy tao Ejipta Andriamanitra, dia notaritin'i Mosesy hidera an'Andriamanitra izy ireo. Namorona hira fiderana i Mosesy. "Hihira ho an'i Jehovah aho fa nandresy tamim-boninahitra Izy." Nihira momba ny zavatra lehibe rehetra nataon'Andriamanitra ho an'Israely izy.

Aleloia

Voninahitra anie ho an' Andriamanitra!



Afaka telo andro tany an'efitra, nangetaheta ny vahoaka ary nahita rano. Saingy tsy afaka nisotro ny rano izy ireo fa nangidy ilay rano. Nimenomenona ny vahoaka fa tsy nivavaka.
Tsara fanahy Andriamanitra. Navadiny ho afaka sotroina ilay rano.

Toa nimenomenona tamin'ny zavatra rehetra ny vahoaka. "Nanana sakafo izahay tany Ejipta. Ho fatin'ny hanohanana aty an-tany efitra izahay," hoy izy ireo nitomany. Iny hariva iny nandefa vorona antsoina hoe papelika Andriamanitra. Mora dia mora ny nisamboran'ny vahoaka azy.

Ny ampitso maraina indray, nandefa mana, izay toy ny mofo tantely ny tsirony, Andriamanitra.

Isa-maraina, nipetraka teny amin'ny tany ny mana mba hohangonin'izy ireo. Izay no fomba nanomezan'Andriamanitra sakafo ny vahoakany tany an'efitra.

Nila natoky an'Andriamanitra isan'andro amin'ny sakafo izy ireo. Nefa nisy olona nanangona mana mihoatra noho ny tokony nalainy na dia niteny ary Andriamanitra fa ho lò izany raha tehirizina amin'ny alina.



Ary dia tena feno holitra tokoa ny mana nalaina ny omalin'iny-- ankoatran'ny marainan'ny Sabata. Tamin'ny andro fahafito manokana, niala sasatra ny olona ary nihinana ny mana nangonina ny omaliny.



Nitahy ny Israelita Andriamanitra tany an-tany efitra. Nomeny sakafo sy rano izy ireo – narovany tamin'ny fahavalo ihany koa.

Rehefa nanafika azy ireo ny Amalekita, nandresy hatrany ny vahoaka Israely rehefa nasandratr'i Mosesy ilay tehin'Andriamanitra.



Hoy Andriamanitra tamin'ny vahoaka Israely: "Raha mankatò Ahy ianareo dia ho Vahoakako." Ary hoy ny vahoaka namaly an'i Mosesy: "Ho ataonay avokoa izay nolazain'Andriamanitra rehetra." Nankeo amin'ny fototry ny tendrombohitra Sinay izy ireo niandry nandritra an'i Mosesy nihaona tamin'Andriamanitra.

Niaraka tamin'Andriamanitra nandritra ny efa-polo andro Mosesy. Nosoratan'Andriamanitra tamin'ny vato roa ny didy folo. Nolazainy an'I Mosesy hoe ahoana ny fomba tiany hiainan'ny vahoakany.

1. "Aza manompo Andriamanitra hafa ankoatra Ahy."

2. "Aza manamboatra na miankohoka amina sary vongana."

3. "Aza manononononom-poana ny anaran'i Jehovah."

4. "Tsarovy ny andro Sabata, ary manamasìna izany."

5. "Hajao ny rainareo sy ny reninareo."

6. "Aza mamono olona."

7. "Aza mijangajanga."

8. "Aza mangalatra."

9. "Aza mandainga."

10. "Aza mitsiriritra ny an'ny hafa."



Nanao zavatra tena ratsy indrindra ny vahoaka Israely nandritra an'i Mosesy niaraka tamin'Andriamanitra tany amin'ny tendrombohitra Sinay. Nasainy nanamboatra zanak'omby volamena I Aharòna ary niankohoka sy nidera izany izy ireo fa tsy nidera an'Andriamanitra. Tena tezitra mafy Andriamanitra. Tezitra mafy koa i Mosesy.



Natsipin'i Mosesy
tamin'ny tany
ireo vato nisy ny
didin'Andriamanitra
nony nahita ilay
zanak'omby
volamena sy ny
olona nandihy izy.
Nopotehin'i Mosesy
tamim-pahatezerana
ilay sampy volamena.
Novonoina koa ireo
olona niankohoka sy
nanompo izany.

Nosoloin'Andriamanitra ireo vato. Nasain'Andriamanitra nanangana Toera-masina i Mosesy mba itoerany miaraka amin'ny Vahoakany--tranolay lehibe misy fefy manodidina.



Naniraka mpitsikilo roa ambin'ny folo lahy i Mosesy nony nanakaiky an'i Kanaàna, mba hijery ny tany nampanantenain'Andriamanitra ny Vahoakany.

Samy nanaiky ireo mpitsikilo fa tena tsara ny tany! Saingy roa fotsiny ihany no nino fa afaka ny haka ilay tany izy ireo noho ny fanampian'Andriamanitra, dia i Josoa sy Kaleba.

Ireo mpitsikilo folo ambiny
natahotra ireo tanàna lehibe
sy ny olona goavam-be be
nonina teo amin'ny tany.
"Tsy ho azontsika
ireo tany ireo,"
hoy izy ireo
nimenomenona.

Adinon'izy
ireo ny zavatra
lehibe rehetra
nataon'Andriamanitra
nanafahany azy
ireo tany Ejipta.

Nanaraka ny hevitr'ireo folo lahy tsy nino ny vahoaka. Nitomany izy ireo ary nivonona ny handeha hiverina tany Ejipta. Saika hitora-bato azy roa lahy mihitsy ary izy ireo!



Novonjen'Andriamanitra Mosesy. Hoy Izy tamin'ny vahoaka: "Mandritra ny efa-polo taona ianareo hivezivezy aty an-tany efitra. I Kaleba sy Josoa, ary ny zanakareo ihany
no hiditra ny tany
izay nolavinareo."



Efa-polo Taona

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Eksodosy 15 hatramin'ny Fanisana 14

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130

Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala amin'ny fahotanao ianao,
dia izao no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako, ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16